Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Fotoam-bavaka Alarobia 15 jolay 2020

Mitarika : Pst Elysée Andriamiandra

Fiarahabana

Fanolorana
Lohahevitry ny herinandro :
IREO TOETRAM-PIFANDRAISANA AMIN'NY FANAHY MASINA.

Lohahevitra : Alarobia 15 jolay 2020
" MANDEHANA ARAKA NY FANAHY." Gal.5.13-26

Hira Antoko Mpihira : " Fanahy ô ! " hiran'i Tojo Randrianaivojaona hirain'ny Antoko Mpihira Anosivavaka.

Vavaka

Vakiteny 1 : Galatiana 5.13-15
" Fa efa nantsoina ho amin' ny fahafahana hianareo, ry rahalahy; kanefa aoka tsy ho entinareo hanaraka ny nofo izany fahafahana izany, fa mifampanompoa amin' ny fitiavana. Fa tanteraka amin' ny teny iray ihany ny lalàna rehetra, dia izao: Tiava ny namanao tahaka ny tenanao. Fa raha mifandramatra sy mifampihinana hianareo, tandremo fandrao mifandringana."

Fanazavana ny teny

Hira 530. Fitiavana rano velona

Vavaka
- Misaotra ny Tompo no amin'ny hevitra tsara hiheverany antsika ary hiantsoany antsika, dia ny ho zanany.
- Mangataka ho an'ny tenantsika tsirairay mba hohafahan'ny Tompo ka ho tena zanak'Andriamanitra marina tokoa isika.
- Mangataka koa ho antsika izay mbola ao anaty fisalasalana na tsy fahatapahan-kevitra mba tena hohafahany amin'ny herin'ny Anaran'i KRISTY.

Vakiteny 2 : Galatiana 5.16-18
" Fa hoy izaho: Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan' ny nofo hianareo. Fa ny nofo manohitra ny Fanahy, ary ny Fanahy manohitra ny nofo; ary

mifanohitra izy roroa, mba tsy hahazoanareo manao izay zavatra tianareo. Fa raha tarihin' ny Fanahy hianareo, dia tsy mba ambanin' ny lalàna."

Fanazavana ny teny

Hira 202.3 Fanahy Masina ô !

Vavaka
- Mangataka ho an'ny isam-batan'olona hiankina amin'ny Fanahy Masina ary hikatsaka hatrany ny sitrapon'Andriamanitra.
- Mangataka ho an'ny isam-pianakaviana mba ho velon'ny Fanahy ny ray, ny reny, ny zanaka ka ho feno fifankatiavana ny fiainan-tokantrano.
- Mangataka ho an'ny Fiangonana mba ho hita ao amin'ny fiainany ny fitiavan'i Kristy izay manamarika fa tena mpianatry ny Tompo no velona sy miasa ao.

Vakiteny 3 : Galatiana 5.19-21
« Fa miharihary ny asan' ny nofo, dia izao : Fijangajangana, fahalotoana, fijejojejoana, fanompoan-tsampy, fanaovana ody ratsy, fandrafiana, fifandirana, adi-lahy, fiafonafonana, fifampiandaniana, fisarahana, fitokoana, fialonana, fahamamoana, filalaovan-dratsy, ary ny toy izany, izay lazaiko aminareo rahateo, tahaka ny voalazako fahiny koa, fa izay manao izany dia tsy handova ny fanjakan' Andriamanitra. »

Fanazavana ny teny

Hira 409.1,2 Ry zaza mpiodina

Vavaka
- Mifona ho an'ny tenantsika noho ny asan'ny nofo.
- Mifona ho an'ny isam-pianakaviana noho ny asan'ny nofo.
- Mifona ho an'ny Fiangonana noho ny asan'ny nofo
- Mifona ho an'izao tontolo izao noho ny asan'ny nofo .

Vakiteny 4 : Galatiana 5.22-26
" Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra izany. Fa izay an' i Kristy Jesosy dia efa nanombo ny nofony mbamin' ny faniriany sy ny filàny tamin' ny hazo fijaliana. Raha velon' ny Fanahy isika, dia aoka handeha araka ny Fanahy. Aoka isika tsy handrani-tena foana ka hifampihaika sy hifampialona."

Fanazavana ny teny

Hira 643.1,2 Ô mandrosoa mba ho tena mpandresy.

Vavaka

- Mivavaka ho an’ireo marary (na coronavirus izany na tsia)
- Mivavaka ho an’ireo namoy havana
- Mivavaka ho an’ny firenena malagasy sy frantsay.

Fehiny. Kolosiana 1.9-12
" Ary noho izany izahay koa hatramin’ ny andro nandrenesanay dia tsy mitsahatra mivavaka sy mangataka ho anareo, mba hofenoina fahalalana tsara ny sitrapony hianareo amin’ ny fahendrena sy ny fahazavan-tsaina rehetra avy amin’ ny Fanahy, mba handehananareo miendrika ny Tompo, hanaovana ny sitrapony amin’ ny zavatra rehetra, dia mahavokatra amin’ ny asa tsara rehetra sady mitombo amin’ ny fahalalana tsara an’ Andriamanitra, ary ampahatanjahina amin’ ny hery rehetra araka ny herin’ ny voninahiny ho amin’ ny faharetana rehetra sy ny fandeferana amin’ ny hafaliana, ka misaotra ny Ray, Izay nampahamendrika antsika hanana anjara amin’ ny lovan’ ny olona masina eo amin’ ny mazava."

Tsodrano. 1Tes.5.23
"Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin’ ny fihavian’ i Jesosy Kristy Tompontsika."